



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**HO AMIN'NY FIARAHA-MONINA VAOVAO (Efes.)**  
**– VERS UNE NOUVELLE SOCIETE (Ephés. 4)**

Alakamisy 01 ôktôbra 2020  
*Jeudi 01<sup>er</sup> octobre 2020*

**FENITRA VAOVAO (Efes. 4)**  
**– NOUVELLES NORMES (Ephés. 4)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu**

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Cantique) 270, 1 sy 4 : Ry Tompo, izay nanangona :**

1. Ry Tompo izay nanangona anay ho vato velona,  
Hazony tsy handao Anao ny vato voarafitrao.  
Fa maro no mandronjina  
Handevona  
4. Ny Kristiana marobe : mba ampiraiso tsara re  
Hiray am-pitiavana, ho velona finoana,  
Ka mba hiaraka hanao  
Ny asanao.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Efes. 4, 1-16**

**Fanamarihana 1 : – Commentaires 1**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - *pour notre foyer et notre famille pour que* : samy handini-tena na mitoetra eo amin'ny Tompo Jesosy ny tsirairay na tsia – *chacun fasse une introspection pour savoir s'il demeure dans le Seigneur Jésus ou non*
- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que* : hirosany amin'ny firaisam-panahy amin'i Jesosy Kristy, Lohan'ny Fiangonana – *elle avance vers l'unité de l'Esprit avec Jésus-Christ, Tête de l'Eglise.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

**Hira (Cantique) 531, 1 sy 3 : Ry Jeso, Loharanon'aina, izay foto-pahasoavana :**

1. Ry Jeso, Loharanon'aina, izay foto-pahasoavana,  
Ny fonay toy ny tany maina : fenoy Fitiavana !  
Aidino ao ny tena aina mba hampifankatia anay,  
Fandrao ho tonga very maina ny Fitiavanao anay.  
3. Toroy sy ampianaro ny Fitiavanao izahay  
Mpiandry tsara ô, velaro ny fonao mba ho hitanay.  
Mba ho tarafiny tokoa ny fonay mbola maizina,  
Ka samy hifanisy soa sy hifamela heloka.

**FIZARANA 2 – PARTIE 2**

**Teksta 2 – Texte 2 : Efes. 4, 17-24**

**Fanamarihana 2 : – Commentaires 2**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ireo sahirana mba - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour que* : tsy hanalavitra an'Andriamanitra izy fa hisaina ny zavatra any ambony – *ils ne s'éloignent pas de Dieu mais qu'ils pensent aux choses d'en-haut*
- ho an'ny marary mba – *pour les malades pour que* : hiankina amin'Andriamanitra izy ka hanaiky ny famitranam-pihavanana iantsoan'ny Tompo azy – *ils prennent racine en Dieu et qu'ils acceptent l'œuvre de Paix à laquelle le Seigneur les appelle.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 376, 1-2 : Mpanota ory sy mahantra :**

1. Mpanota ory sy mahantra,  
Henoy ny Teny ho anao :  
I Jesosy Tompo be fiantra  
Nisolo voina anao,  
Ka lzy feno indrafo  
Mitaona anao hiova fo.

2. I Jesosy Tompo sy Mpamonjy  
Miantso ny anaranao.  
"Mpanota very, mila vonjy,  
Minoa Ahy ianao !  
Ny sainao aoka ho vaovao,  
Ny fomba ratsy ialao" !

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Efes. 4, 25-32

#### Fanamarihana 3 : – Commentaires 3

##### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny tenantsika mba – *pour nous pour que* : hanaiky hamindra fo sy hiantra ary hamela ny heloky ny namantsika isika – *nous acceptions de faire preuve de miséricorde, de compassion et d'indulgence vis-à-vis de nos semblables*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que* : ho saro-piaro amin'ny fankatoavana ny Sitrapon'Andriamanitra izy ireo ka hitaona antsika ho amin'ny fitondran-tena ankasitrahan'ny Tompo – *ils témoignent de jalousie dans la mise en pratique de la Volonté de Dieu et qu'ils nous encourage à des comportements conformes à la Volonté du Seigneur.*

##### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

##### Hira (Cantique) 455, 2-3 : Ny androm-pahasoavana :

2. Ka miandrindra ny lanitra  
Ny malahelo izao :  
Mihoby izy fa sambatra  
Nahazo aina vaovao.  
He, vahana ireo migadra,  
Afaka ny midradradradra,  
Mitsambikina ny mandringa,  
Faingana izy sady kinga,  
Ary mihoby ny lelan'ny moana.

3. Ny very no tadiavina  
Mba hody amin'ny Ray.  
Ny maty dia velomina  
Ka ravo mandrakizay.  
Izy dia mifady ny ota,  
Noho ny lova tsy ho tonta,  
Sady manaraka Azy Tompo,  
Izay voaeso sy voahombo,  
Ambara-podiny any an-danitra.

**Teksta – Texte : Jao. 17, 5-18**

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont  
offensés.  
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous de mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des  
siècles. Amen !*

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !  
*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*  
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !  
*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*  
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !  
*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanakaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.  
*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanakaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**